Lanonana ny alahady alina teo 2
**Maty hasina ilay Rova hoy ny Rado Rafalimanana**

Frantsay ny Filoha. APM 2
**Mangataka latsa-bato fanalana an-dRajoelina eny Tsimbazaza**


# NY VALOSOA VAOVAO
Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Talata 20 jona 2023 Laharana 1446 Vidiny : 600 Ar


Fitondrana Rajoelina 3
**Mitohy ny fanotana fady ataony amin'ny Rova**


www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto


Na nirefodrefotra ny lakrimôzena tany Antsirabe 2 4 8

# Fahombiazana ny kongresim-paritry ny TIM Vakinankaratra eto Antananarivo indray ny fotoana amin'ny 1 jolay





Miala Rajoelina 3

## Famadihan-tanindrazana goavana ny maha-Frantsay azy

# J - 81

Rajoelina Frantsay. Collectif des Citoyens (2CO2M) 3

## Nandefa taratasy misokatra amin'ny HCC, sy ny Antenimiera 2 tonta



Omby 66 nisy naka an-keriny 6
**Kaominina 2 ahiana hifanafika**

Dr. Yves Raveloson 6
**Azo atao ny mivelona 100 taona mahery ary salama**

Daka kely



Tokony maka «visa» sy «carte de séjour» ialahy ry Boaikely vao afaka mijanona eto Dago a !

NA NIREFODREFOTRA NY LAKRIMÔZENA TANY ANTSIRABE

# Fahombiazana ny kongresim-paritry ny TIM Vakinankaratra, eto Antananarivo indray ny fotoana amin'ny 1 jolay

Na nisy ny lakrimôzena maromaro nirefodrefotra nataon'ny herim-pamoretan-dRajoelina tany Antsirabe ny sabotsy teo, fahombiazana ny kongresim-paritry ny TIM Vakinankaratra, tontosa soa amantsara ihany izany. Ny maraina niantsena tao amin'ny Tsenan'Asabotsy Antsirabe ny filoha Marc Ravalomanana, avy eo izy sy ireo mpiara-dia aminy marobe, saika hanatanteraka ny kongresim-paritry ny antoko TIM Vakinankaratra tao amin'ny Magro Avaratsena. Nosakanan'ny herim-pamoretana tany an-toerana anefa izany, ka norarafan'izy ireo baomba mandatsa-dranomaso maromaro ny filoha Marc Ravalomanana sy ireo vahoaka tonga tany. Nambenan'ny zandary sy polisy ary miaramila hatramin'ny farany ny Magro Avaratsena. Tsy niditra tao indray ny rehetra, fa nanao diabe namakivaky ny tanàna hatrany amin'ny TOP Vatofotsy, satria vaky ny barazy teo Avaratsena, nihazo an'i Mahazoarivo, nipaka hatrany Vatofotsy. Tao no nanatanterahana ny kongresim-paritra ny TIM, tonga tao avokoa ny solontena mpitarika ny antoko avy amin'ny distrika 7 mandrafitra ny faritra Vakinankaratra. Nisongadina fa tena mijaly ny vahoaka amin'ireo distrika ireo noho ny tsyt fandriampahalemana, tsy misy mpividy ny vokatra, midangana ny vidin-javatra, koa miantso ny filoha Marc Ravalomanana izy ireo hirotsaka hofidiana indray, hanavotra ny vahoaka izay tena sahirana tokoa amin'izao fotoana, sy hanavotra ny firenena. Tantsaha aho ny filoha Ravalomanana, ka haiko tsara ny olan'ny tantsaha sy ny vahaolana amin'izany, haiko koa ny teknolojia vaovao, ary indrindra haiko ny mifandray amin'izao tontolo izao. Hanamafy ny firaisankina isika ho fanavotana ny firenena izay. Marihina fa 4 no naratra mafy vokatry ny lakrimôzena nataon'ireo herim-pamoretana tao amin'ny tanànan'ny Ranovisy, 1 safotra, noraisin'ny filoha Marc Ravalomanana an-tanana avokoa ny fitsaboana azy ireo.



*Vaky ny barazy, raikitra ny diabe namakivaky an'Antsirabe.*

**Isambilo**


Lanonana ny alahady alina teo

# Maty hasina ilay Rova hoy ny Rado Rafalimanana

Maneho ny heviny mahakasika ny lanonana tamin'ny andro alina teny amin'ny Rova ny alahady alina lasa teo, ny mpandraharaha, sady mpanao politika Ny Rado Rafalimanana. Maty hasina tanteraka ny Rova hoy izy : « ry mpiadidy mahefa ny tany sy ny fanjakana. Manana adidy ny tena hiresaka ny nataonareo ny alahady alina teo. Isaorako ianareo mpiadidy mahefa eto Madagasikara namerina indray ny fanokafana azo tsidihin'ny malagasy ny rovan'i Manjakamiadana.

Eny, maro ny tiana resahina fa ny hita sy tsapa, dia asa na ilay ministeran'ny kolontsaina no tsy manara-dalàçna tsy manao fandalinana ny fombafomba , indrindra ny firafitry ny hasina amin`ny toerana manankasina toy itony, na manao tery vaimanta ianareo mpanapaka ambony.

-Fady amin`ny toerana Rova ny mitokana zavatra amin`andro alina na maizina.



*Ny mpandraharaha sady mpanao politika, Ny Rado Rafalimanana.*

-Ny tena loza dia ilay Lapa Masoandro mihintsy no notokanana amin`ny andro maizina.

-Fitokanana anaty Rovan`i Manjakamiadana, kanefa kabary amin`ny teny frantsay (tenin'ilay firenena fahavalo fahagola izay nanjanaka), fady amin`ny hasin-teny izany.

-Tsy fanajana arifenitra, sahin'ilay ramatoa ministry ny serasera no mianjaika toy ny fitafin'ny mpanjaka vavy ! fady izany ao anaty Rova.

-Maty hasina ilay Rova! ny ankamaroan`ireo olona nasaina dia vahiny toy ny frantsay, karana... tsy azo dinganin`ny lehilahy tsy mifora ny vavahady avaratra, kanefa teo daholo izy ireo no nidika. Fady tanteraka izany.

Ny vavahady atsimo no natokana ho an'ireo tsy mifora.

-Fady ny mampandoa sandany ara-bola ny malagasy hitsidika ny Rova! ny toerana masina tsy mahazo sandaina vola na takalo.

-Ilay kianja Masoandro izay mitoetra eo amin'ny Lapa Masoandro dia tsy vakoka malagasy ary hanohy ny ozona mihàtra mandrakan'androany ny fisiany.

Fehiny, saro-pady tompoko io toerana io. Mila mandinika isika, indrindra ianareo mpiadidy mahefa vao manao zavatra, fa manody amin'ny taranatsika , ianareo tsy manaja ny fady amin'ny toerana masina.

Ny tody no lasa ozona izay dimbiasin` ny taranatsika, noho ny ataonareo. Satria manan-jiny i Manankasitsara.

Raiso ampandinihina ny teny, fa tsy fankahalana akory satria toerana masina no resahina eto. Mandrosoa hasina. » hoy ny fanambarany.

**Nangonin'Isambilo**

## Taratasin'ny mpamaky

Fanehoan-kevitra ampitaina amin'ny gazety sy ny mpamaky azy ary ireo rehetra mety iantefany izao manaraka izao.

Noheveriko fa mba manana "éthique", kay olona tsy misy ilana azy ry Rajoelina sy ny forongony. Raha ny filazan'izy mianakavy dia izy ireo mihintsy no nanangana ny lapa hatrany amin'ny fotony. Aoka ho hain'ny taranaka fara aman-dimby, fa ny Fitondrana Ravalomanana no nanangana ny lapan'i Manjakamiadana tamin'ny taona 2006, ny asa goavana rehetra hatramin'ny 80 % dia efa vita avokoa ary ny faran'ny taona 2009 no tokony ho vita tanteraka ny asa, saingy tsy vita noho ny fanongam-panjakàna notarihan'i Andry Rajoelina tamin'izany. Tsy mahamenatra tompoko ny milaza, fa "finition" no nataonareo tao anatin'ny 5 taona be izao, fa ny asa goavana efa vitan'ny teo aloha. Soa ihany koa fa ny teo aloha no nanao azy sao sanatria ohatr'iretsy trano mirodana ho azy lazaina fa manara-penitra.

**Rivo Richard Andrianjara**
**Mpamaky gazety Ny Valosoa Vaovao**

## Ny Valosoa sy fakafaka

# Hafa ny an'ny fitondrana ny antsoiny ho fahombiazana

Ao anatin'izao fitondrana izao, ny zavatra na asa tsy tomombana an-tsakany sy an-davany ary tsy tratra tanteraka amin'ny tokony ho izy, dia ambarany hatrany ho fahombiazana. Aminy izany dia lazainy fa fahombiazana. Amin'ny hafa anefa izany dia tsy fahombiazana mihitsy. Nanamarika izany, ny nambaran'ny filohan'ny Ceni ny talata lasa teo. Raha tany amin'ny manodidina ny 13 tapitrisa no nokendrena hotratrarina sy heverina ho voasoratra tafiditra ao anaty lisi-pifidianana, nambara tamin'ny fomba ofisialy hofantatry ny besinimaro izany, dia ny nambarany eo amin'ny 10 tapitrisa mahery eo no vita. Avy dia mandeha ny saina hoe nahoana no nofaritana ny hotratrarina kanefa hafa indray no nambara ho fahombiazana aty aoriana ? Asa raha hahatratra 11 tapitrisa aza izany, satria mbola nampiana andro vitsy ho an'ireo vaovao tsy mbola voasoratra anarana hatramin'izay.

Ity resaka fifidianana ity, dia tsy milamina raha fehezina sy tsorina ny zava-misy. Anisan'ny misongadina ny tsy fitokisana ny amin'ny fangaharahan'ny fifidianana hotanterahina eo, ary nanamafy izany sy manitrikitrika izany mandrakariva ny avy amin'ny fanoherana. Nambarany aza fa hisy ny hetsika iraisana hotanterahiny tsy ho ela. Nazava sy tsotra ihany koa ny nambaran'ny avy amin'ny antoko Tim, fa tsy maintsy ovaina na soloina ny mpikambana eo anivon'ny Ceni sy ny Hcc raha tiana hangarahara sy hadio marina ary eken'ny rehetra ny fifidianana sy ny vokany. Minia mangina sy tsy hita ho mitondra fanazavana momba izany mihitsy anefa ny avy amin'ny fitondrana, ka mazava loatra raha mitoetra ny tsy fifampitokisana sy ny ahiahy tsy ihavanana. Tsy maintsy hisy fiantraikany amin'ny fifidianana izay hoavy eo anefa izany, raha toa ka miziriziry tsy mihaino ny fitondrana ary minia tsy hifampiresaka amin'ny rehetra. Izay ve no kendrena sy tiana hahatongavana? Mbola ho tantara mitohy ity resaka fifidianana ity.

**Sôh'son**

Frantsay ny Filoha. APM

# Mangataka latsa-bato fanalana an-dRajoelina eny Tsimbazaza

Noho ny maha Frantsay ny filoha Andry Rajoelina, mangataka latsa-bato ho fanalana azy, eny amin'ny Antenimierampirenena eny Tsimbazaza ny APM : Antoko Politika Madio. Araka ny fanambarana nataon'izy ireo :

« fa an-taonany maro izahay APM no nilaza, fa mizaka zom-pirenena hafa ankoatry ny malagasy ny filohantsika. Voaporofo ankehitriny, fa mizaka ny zom-pirenena frantsay izy. Manohintohina fiandrianam-pirenena izany : famadihana tanindrazana, fandikana bevava ny lalam-panorenana, fanaovana antsirambina ny andraikitra, ka hita miharihary fa tsy mifanaraka amin'ny fisahanana ny asa maha filohan'ny Repoblika Malagasy azy. Voasoratra ao amin'ny andininy faha-131 ao amin'ny lalam-panorenana izany ary manome alalana ny Antenimierampirenena afaka miampanga. Koa mangataka anao izahay Ramatoa filohan'ny Antenimieram-pirenena mba :



*Ny avy amin'ny APM : Antoko Politika Madio.*

- hiampanga ny filoha, ka hanatanteraka latsa-bato miaraka amin'ireo solombavambahoaka, ary handefa azy ho tsaraina eny amin'ny fitsarana avo (motion de déchéance). Tsy tokony ho izy intsony noho izany no hitarika ny matso, na hisafo ny andian-tafika amin'ny faha-26 jona 2023, noho ireo heloka bevava misy porofo ireo.

- hitondra fangatahana fanazavana any amin'ny fitsarana avo momba ny lalam-panorenana mikasika ny andininy faha-46 ao anatin'ny lalam-panorenana : « izay olona rehetra milatsaka ho fidiana ho filohan'ny repoblika dia tsy maintsy mizaka ny zom-pirenena malagasy ». Fanontaniana : zom-pirenena malagasy irery ihany ve ? sa ireo manana zom-pirenena hafa ankoatry ny malagasy ihany koa dia afaka milatsaka ?

Koa raiso, Ramatoa filoha, ny haja ambony atolotray anao ary miandry valiny amin'izay tohiny ho ataonao. mahatoky ihany koa ny feon'ny fieritreretanareo « solombavambahoaka » izahay, sy izay dingana ho ataonareo tsy ho ela. Ampiarahina amin' ity taratasy ity ireo porofo nivoaka teny amin'ny serasera : sarin'ny « passeport » sy « naturalisation », milaza fa frantsay ny filohantsika. »

Nandefasan'izy ireo dika mitovy an'ity taratasy ity : ny minisitry ny fiarovampirenena sy ny eny anivon'ny fitsarana avo (haute cour de justice).

**Nangonin'i Stefa**

## Ny Valosoa sy hadihady

### Miala Rajoelina. (J- 81)

# Famadihan-tanindrazana goavana ny maha-Frantsay azy

Nihaona tamin'ny herivelona rehetra teto Madagasikara: Fiadidiana ny Repoblika, Primatiora, Fivondronanan'ny Fiangonana Kristiana eto Madagasikara (FFKM), Antoko Politika sy ireo Fiondronanan'ny Antoko Mpanohitra, ny Organisation Internationale de la Francofonie (OIF), tato anatin'ny herinandro vitsivitsy. Niditra lalina amin'ny resaka fifidianana ihany koa ity fikambanana iraisam-pirenena ity ka nanao fitsirihana (audit) ny lisitry ny mpifidy ihany koa. Tsy izay ihany fa nanao fanamarihana momba ny toe-draharaha politika sy ekonomika ary sosialy iainan'ny Firenena sy ny vahoaka Malagasy amin'izao fotoana izao. Novakiany bantsilana, fa miatrika krizy eo amin'ny sehatra rehetra ary tsy mahomby (défaillant) eo amin'ny fitantanana ny Firenena izao fitondrana izao, raha nihaona tamin'ny Filoha Ravalomanana Marc teny Faravohitra Ramatoa filohan'ity Fikambanana ity ny alakamisy 15 Jona 2023 lasa teo. Nilaza ihany koa izy fa "tsy maintsy hisy ny fifidianana" kanefa mbola maro ny olana, ka anisan'ireny ny tsy mbola namoahan'ny mpanatanteraka didim-panjakana manamafy ny tetiandro momba ny fanatanterahana izany, ny tsy fahatomombanan'ny lisitry ny mpifidy izay tsy maintsy hanaovan'ity fikambanana ity fitsirihana(audit) indray rehefa mikatona tanteraka ny fisoratanan'ny mpifidy anarana ao anaty lisitra ny 20 jolay 2023. Olana mipetraka ihany koa ny vola entina manatanteraka ny fifidianana satria efa lany tanteraka ny sorabola natokana ho amin'izany fifidianana izany kanefa tsy nandroso Lalànan'ny Tetibola asiam-panitsiana (LFR) teo anivon'ny Antenimierampirenena ny fahefana mpanantanteraka fa nilaza fa tsy ilaina izany fanitsiana izany. Ny manahirana dia vola avy aiza no hamenoana ny banga izay mitentina zato miliara ariary, satria ny Vondrona Eoropeana dia efa nanambara fa raha hanampy aza izy ireo dia tsy hitovy amin'ny tamin'ny taona 2018. Manampy trotraka ireo dia ny fahatsapana fa tsy mahaleotena araka ny anarany ny Vaomieram-Pirenena Mahaleotena misahana ny Fifidianana (CENI) sy ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana (HCC), ka miteraka fitsikerana mavaivay avy amin'ny ankolafin-kery rehetra ankoatry ny mpomba ny fitondrana.

Voaresaka tamin'ity fihaonan'ny mpanao gazety sy ny filoha Ravalomanana ity ihany koa ny momba ny fananan-dRajoelina Andry ny zom-pirenena frantsay izay miteraka adihevitra mafana dia mafana tokoa. Tsy iadian-kevitra anefa ny momba izany satria efa porofo tsy azo lavina ny nivoahan'ny didim-panjakana frantsay voasonian'ny praiminisitra sy ny minisitry ny atitany frantsay izany. Ny olana manoloana ity raharaha ity dia ny nanafenan-dRajoelina Andry izany tamin'ny vahoaka Malagasy, satria raha nahafantatra ny mpifidy tamin'ny taona 2018 dia azo inoana fa na nisy aza ny "doublons" niisa roa hetsy sy iray tapitrisa dia tsy ho lany velively izy. Miaro ny tsy azo arovana ny mpomba an-dRajoelina Andry satria na nisy aza ny Filoham-panjakana na Filohan'ny Repoblika nizaka ny zom-pirenena frantsay dia tsy nisy tao amin'ny Lalàmpanorenana tamin'izany ny fandraràna izay nanana zom-pirenena vahiny tsy afaka nirotsaka ho fidina. Ny Lalàmpanorenana amin'izao Repoblika IV-2 izao izay Rajoelina Andry no nangala-tahaka azy avy any amin'ny an'ny firenen-kafa no misy izany fandraràna izany. Tsy misy lalàna misy fiantraikany amin'ny tranga taloha (effet rétroatif) ihany koa, ka amin'izao fotoana izao izany no tsy maintsy ampiharina ny andininy mirakitra izany, izay manery ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana handray ny andraikitra mifanandrify amin'izany. Izao vao mazava ny anton'ny tsy nanaovan-dRajoelina Andry fianianana tamin'ny Baiboly, toy ny nataon'ny Filoham-pirenena rehetra nifandimby, satria nandainga izy fa tsy araka ny nolazain'ny mpomba azy, fa tsy noho ny maha Firenena laika i Madagasikara. Midika ho famadihana Tanindrazana goavana (haute trahison) sy lainga sy fampiasana lainga (faux et usage de faux) izao ataon-dRajoelina Andry izao. Mbola nilaza Rajoelina Andry tamin'ny fitokanana ny Rovan'i Manjakamiadana fa tsy misy afaka manolo ny rà Malagasy mikoriana ao anatiny izao toe-draharaha izao, marina izany satria vazaha taratasy izy kanefa tsy ny rà Malagasy mikoriana ao anatiny no manadio azy ho afaka amin'ny lainga nafafiny tamin'ny Malagasy.

***Andry Tsiavalona***

**RAJOELINA FRANTSAY. COLLECTIF DES CITOYENS (2CO2M)**

# Nandefa taratasy misokatra amin'ny HCC, sy ny Antenimiera 2 tonta



Nandefa taratasy misokatra amin'ny HCC, ny Antenimiera 2 tonta ny colletcif des citoyens (2CO2M) any dilambato, mahakasika ny maha-Frantsay an-dRajoelina :

"Ny gazety « La Gazette de la Grande Ile » laharana faha-5973 nivoaka tamin'ny 3 martsa 2023 sy ny lahatsoratra nosoratan-dramatoa Laurence Caramel tao amin'ny gazety « Le Monde Afrique » ny 15 jona 2023 dia nilaza fa misy porofo mazava mahakasika ny fizakàn'ny Filoham-pirenena malagasy ankehitriny Andry Nirina Rajoelina zom-pirenena hafa ankoatra ny malagasy tamin'ny firotsahany ho fidiana ny taona 2018.

Eo anatrehan'izany, ny vondrona Collectif des Citoyens d'Origine Malgache Monde (2CO2M) dia mangataka fanazavana araka ny lalàna manan-kery amin'ireto andrim-panjakana mahefa manaraka ireto :

- Fitsarana Avo momba ny Lalàm-panorenana (HCC),
- Antenimierandoholona,
- Antenimierampirenena,

Ahiana hanohintohina ny fametrahana Demokrasia marina sy ny Soatoavina ary indrindra ny fiandrianam-pirenena amin'izao ankatoky ny fifidianana ho avy izao ny tsy famaritana mazava ny lalàna avy aminareo vovonana iadian'ny lohany tokony hiaro sy hampihàtra ny lalàna velona eto amin'ny tanin'ny Repoblika Malagasy.

Mangataka anareo ary izahay hanazava tsara araka ny lalàna ny mikasika ny fizakàna zom-pirenena vahiny sy ny fahafahana mirotsaka ho filoham-pirenena, ho rentany ren-danitra, ho an'ireo Malagasy tsy vaky volo, ireo nifidy tamin'ny taona 2018 sy ireo izay hifidy amin'ity taona 2023 ho avy ity.

Eto ampiandrasana ny valinteny mazava sy ny fandraisanareo andraikitra hanalana ny ahiahin' ny olompirenena malagasy sy ho an'ny tombotsoa ambonin'ny firenena.

***Nangonin'i Stefa***

facebook NY VALOSOA VAOVAO

### Fitondrana Rajoelina

## Mitohy ny fanotana fady ataony amin'ny Rova



**Gino Raharisoa :** lanonana maizimè-bolana sy amin'ny alina. Mitohy fady ataon'ny fitondrana Rajoelina ny Rova.

**Riana Sara :** INONA NDRAY ITY SANDOHAN'IRETO MPANIMBAZIMBA KOLONTSAINA IRETO ? EFA AO VE ZANY ILAY SATROBONINAHITRY NY MPANJAKA SA NITOVY TAMIN' NY VOLAMENA NODIOVINA ANY SUISSE?

**Saholy Razanadrasoa :** manaja ny elanelana 1 m ny Mpanjaka lahy sy vavy Rainilainga, hihiiii !

**Gervais Desire Ramananjatovo :** Mpanjaka Ranavalona faha-XIII.

**Tojo Tahiana :** dia hoe Lalanavalona ? Sa Vavanavalona ?

**Saholy Raheliarinoro :** Ranavalona sy Radama ve sanatriandresaka ireo ?

**Serge Alain Andrianarisoa :** fa angaha Andriana hono?

**Jeanne Farasoa Razafimalala :** tena mpanota fady mihitsy ireto !

**Jeanne Farasoa Razafimalala :** aiza ny mpitana fomban-drazana tsy mijoro fa manota fady ireto.

**William Randriamahaleo :** inona no lohatenin'itÿ filma itÿ ?

**Andria Rapary :** fandrebirebena faha- XIII.

**Mino-Elisoa Raza :** tena efa voadona mafy ny sain'ireto mitomany te ho Andriana ireto, re olona ! Kanefa ny razambeny : tsy misy, na iray aza. I Mamasosy nitokana ilay musée tao Manjakaray, dia efa midika fa tsy maintsy hisalotra ny akanjon'i Rasoherina io ity kala manota fady ity. Moa i DJ champion des mensonges rahateo, tena mitomany mafy ho atao Mpanjaka ve ? Tsy mbola misy teto an-tany sy tsy fahita ihany koa ny mpitomany ho Andriana ary indrindra, tao anatin'ny 62 taona teto Madagasikara, raha tsy t@ ity fitondran'adala tena efa zatra miaina @ LAINGA sy FITAKA ary HALATRA ity.

**Miaro Ny Aradalana :** samy olona tsy misy titre ireo no sans qualité koa, fa dia misora-tena ohatran'ny voatango fotsiny.

**Christerix Man Ranarijaona :** fa lay voatango moa papaye ihany sa ? Heinnnnn !

**Andria Rapary :** miandry ho tangosana eo amin'ny fitondrana.

**Tooki Manevasou :** Rainilaingarivony.

**Mirana Jessica :** tranom-pody no vitan'ny vava, fa ny azy fiandrianana vitan'ny molotsa. Tena zany mihitsy ty sary ty !

### TONONKALO

## Lavinay marindrano

'Zahay tsy manaiky hotantanam-bazaha
F'efa dify tanteraka ny fanjanahana.
Ianao niova razana , 'ndeha miataha ,
Avelao ho an'ny gasy ny seza hipetrahana !

'Zahay tsy manaiky hotantanam-bazaha
Fa tsy lany olo-manga 'zahay malagasy.
Raha maniry nify ireo akoho angaha
Vao vazaha no hiverina hanjaka eto an-dasy !

'Zahay tsy manaiky hotantanam-bazaha
Fa 'zahay malagasy no tompon'ny laka.
Hijoro sy hanohitra izahay tantsaha
'Raha 'zareo menasofina no mbola hanjaka !

'Zahay tsy manaiky hotantanam-bazaha
Fa izany no dikan'ny fahaleovantena.
Sahia , mijoroa , ary koa mivavaha
Fa ny Tompo no hanafaka ny firenena !

***DADAN'i ZINA (17-06-23)***

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa, Njaka

**Vaky ny barazin'ny herim-pamoretan-etan-dRajoelina, ny diabe namakivaky an'Antsirabe notarihan'ny filoha Marc Ravalomanana.**







**Tontosa soa amantsara ny kongresim-paritry ny TIM Vakinankaratra, tao amin'ny TOP Antsiraben, ny sabotsy tolakandro teo.**














## NY TENY FIAINANA

*"Fa tahaka ny andron'i Noa, dia ho tahaka izany koa ny fihavian'ny Zanak'olona."*
***Matio 24:37***

**FIFANINTSANANA "CAN CÔTE D'IVOIRE 2023"**

# Voatazon'ny Barea ady sahala 0 sy 0 ny Black Star Ghana

Voatazon'ny Barea ady sahala 0-0 tetsy Mahamasina, tamin'ny alahady 18 jona 2023, ny Black Star Ghana teo amin'ny andro fahadimin'ny fifanintsanana hahazoana miatrika ny "CAN Côte d'Ivoire 2023", vondrona E, na dia mpilalao sangany milalao any Europe avokoa aza ny 98 %-n'ireo nandrafitra an'ity ekipa Ghaneana ity. Noheverin'ny maro fa hataon-dry Ayew mirahalahy telimoka toy ny nanaovan-dry zareo azy tamin'ny lalao mandroso tany Ghana 3-0 fony fitantanan'i Nicolas Dupuis ny Barea notantanan'i Maître Rôrô, nefa dia tsy nisy izany noho ny drafitra matipaika nentin'ity mpanazatra vaovaon'ny Barea A ity nomena an'ireo mpilalaon'ny Barea nakariny an-kianja tamin'io alahady io. Marina fa nanjaka tamin'ny fitanana ny baolina



*Rainilita Barea A juin 2023.*

tamin'ny ankapobeny ny Black Star, noho ny tsy dia nahatao tsara ny irakiraka afovoan'ny Barea, nefa dia nahomby kosa tamin'ny ankapobeny ny fiarovan-tena sy valim-panafihana nataon'ny mpilalao Malagasy, saingy ambivitra no tsy nahatafidiran-dry Carolus sy ny namany baolina tamin'izany. Azo ambara fa niabo kely indray ny lazan'ny Barea aty Afrika, taorianan'iny lalao izay narahina maneran-tany iny, noho ny fandefasan'ny CAF azy nivantana avy etsy Mahamasina. Voka-dalao andro faha-5 rehetra amin'ity fifanintsanana ity : 14 juin 2023 : Sao Tomé-et-Principe 0 - 1 Guinée-Bissau (A), 18 juin 2023 : Sierra Léone 2 – 3 Nigéria (A), 18 juin 2023 : Eswatini 0 -2 Togo, Cap-Vert 3 – 1 Burkina Faso (B), 20 juin 2023 : Burundi # Namibie (C), 14 juin 2023 : Guinée 1 – 2 Egypte (D), 20 juin 2023 : Ethiopie # Malawi (D), 17 juin 2023 : Rép. Centrafricaine 1 – 2 Angola (E), 18 juin 2023 : Madagascar 0 – 0 Ghna (E), 18 juin 2023 : Tanzanie 1 – 0 Niger, Ouganda 1 – 2 Algérie (F), 14 juin 2023 : Soudan du Sud 2 – 3 Gambie (G), 18 juin 2023 : Congo 0 – 2 Mali (G), 17 juin 2023 : Zambie 3 – 0 Côte d'Ivoire, Lesotho 0 – 1 Comores (H), 18 juin 2023 : Gabon 0 – 2 RD Congo (I), 20 juin 2023 : Soudan # Mauritanie, 17 juin 2023 : Guinée équtoriale 1 – 0 Tunisie, Botwana 1 – 0 Libye (J), 17 juin 2023 : Afrique du Sud 2 – 1 Maroc (K).

***Rainilita***

**Basketball N1 B**

# Tompondaka 2023 ny Cosfa Analamanga

Vohosotra ho tompondakan'i Madagasikara 2023 eo amin'ny taranja basikety baolina sokajy N1 B, ny ekipan'ny COSFA rehefa nampiondrika ny ekipan'ny Sbbc Boeny, ka nibata ny amboara lehibe sy ny medaly volamena ary ny taratasim-bola nitentina 1.100.000 Ar. 900.000 Ar kosa no natolotra ny laharana faharoa. Ireo mpilalao mendrika notolorana amboara tamin'ity fifaninanana ity : -MVP : Mandimbisoa Marios (n°12 Cosfa Analamanga), -Meilleur Marqueurs: Rasolofonirina Alexancre (n°7 Cosfa Analamanga avec 138 points). Ny ekipan'ny Cosfa Analamanga sy



*Ny Cosfa Analamanga tompondaka N1B 2023.*

Sbbc Boeny ary ny Ngb Itasy sy Ass Morondava no tafita hiakatra ao amin'ny sokajy N1 A eo amin'ny taranja basikety Malagasy amin'ny taompilalaovana 2024. Ireo ekipa ireo mantsy no nitana ny laharana efatra voalohany tamin'ny fifaninanana fiadiana ny ho tompondakan'i Madagasikara 2023 eo amin'ny taranja basikety sokajy N1B araka ny vokatra azo : Tompondaka : Cosfa Analamanga nandresy 65 – 53 ny Sbbc Boeny teo amin'ny lalao famaranana notontosaina tany Morondava tamin'ny alahady 18 jona 2023. Nahazo lelavola 1.100.000 ar. Tompondaka lefitra : Sbbc Boeny nahazo 900.000 ar, Laharana faha-3 : Ngb Itasy, Laharana faha-4 : Ass Menabe, -MVP : Mandimbisoa Marios (n°12 Cosfa Analamanga), -Meilleur Marqueurs : Rasolofonirina Alexancre (n°7 Cosfa Analamanga avec 138 points).

***Rainilita***

**"Rugby XXL Energy Top 20 2023"**

# Nahazoam-bokatra ny 1/8-dalana voalohany



*1/8-dalan'ny XXL Energy Top 20, 2023.*

Notontosaina tamin'ny alahady 18 jona 2023 lasa teo teny amin'ny kianja Makis Andohatapenaka ny andiany voalohany amin'ny lalao ampahavalon-dalan'ny fifaninanana rugby XXL Energy Top 20 2023 ka nahazoam-bokatra : Cosfa Rugby 66 – 19 3Fai Ambalavao Isotry, Uasc Rugby 30 – 43 Tfa Anatihazo, Ftba Andohatapenaka 19 – 28 Stm Savonnerie, Mang'Art Manjakaray 26 – 29 Tam Anosibe.

***Rainilita***

## Sakafo Ny Valosoa



Henomby sy saosety indray, no Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Atao ketsaketsa izany, na atao rony. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

# Fanafana amin'ny aretim-bavony ny yaourt nature sy kônkômbra

Fanafana amin'ny aretim-bavony (ulcère gastrique) ny yaourt nature sy kônkômbra, izay indray no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany.
Fomba fanaovana azy misy karazany 2 :
- Maka yaourt nature dia atao anaty vilia bol dia tetehina madinika kely ny kônkômbra dia atao anatin'ilay vilia bol misy yaourt.
- Yaourt nature sy concombre mixé- na anaty mixeur tsy asiana rano fa ilay concombre iny dia efa miteraka rano.


Afaka asiana tantely na tsia, izay tiana.
Afaka atao sakafo maraina izany, ilay vava mbola tsy misy na inona na inona iny. Atao mandritra ny 2 herinandro.



## NY VALOSOA sy Mahaliana

# Ny tanànan'Ambinaninony distrikan'i Brickaville faritra Atsinanana

Ny tanànan'Ambinaninony distrikan'i Brickaville faritra Atsinanana indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Ambinaninony ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 17 madrafitra ny distrikan'i Brickaville. Vokatra any ny vary, ny fary, ny kafe, ny voankazo : toy ny manga, ny letchi, ny soanambo, ny ampalibe.



FANATSARANA NY FAHAIZAN'NY MPIANATRA

# Mampiofana mpandrindra fikambanana mpankafy teny anglisy i Etazonia

Ny fikambanana mpankafy teny anglisy dia manampy ireo mpianatra sy matihanina Malagasy hifehy ny teny anglisy amerikana, izay manokatra varavarana maro eto an-toerana sy eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena. Zavadehibe amin'ny fanampiana ireo mpianatra hifehy ny fitenenana, ny fahazoana sy ny famakiana ary ny fanoratana teny anglisy ny fananana mpandrindra voaofana tsara. Ny faran'ny hrerinandro teo ny governemanta amerikana, niaraka tamin'ny fikambanana tsy mitady tombontsoa Ndeha Hianatra Izahay, dia nanomboka ny atrikasa izay naharitra roa andro nanofanana ireo mpandrindra fikambanana mpankafy teny anglisy miisa 30 avy ao Mahajanga amin'ny fampiasana ireo fomba fampianarana vaovao, hampandrosoana sy hanohanana ireo fikambanana mpankafy teny anglisy ao an-toerana.



*Ny hetsika momba ny fanabeazana nataon'i Etazonia tany Mahajanga.*

Ny Mpanolotsaina lefitra misahana ny serasera sy ny kolontsaina ao amin'ny Masoivoho Amerikana, Laseanta Stafford, no nanokatra tamin'ny fomba ofisialy ny fiofanana English Club Moderator Training (ECMT) tao amin'ny American Corner Mahajanga. I Dr. Kathleen F. Malu, izay mpampianatra mpikaroka ao amin'ny William Paterson University ao New Jersey, no nisahana ny fiofanana an' ireo mpandray anjara tamin'ny famoronana sy fitantanana fikambanana mpankafy teny anglisy amin'ny alalan'ny fampiasana ireo fitaovam-pampianarana American English, novolavolain'ny governemanta amerikana ary hita ao amin'ny tranonkala americanenglish.state.gov.

Miorina amin'ny fahombiazan'ireo atrikasa ECMT dimy natao teto Antananarivo sy Taolagnaro nanomboka tamin'ny taona 2021, ny atrikasa natao tany Mahajanga ary hampivelatra ny tambazotran'ireo mpandrindra fikambanana teny anglisy manana ny fahaizamanao ilaina hitantanana ireo fikambanana mpankafy teny anglisy, eny amin'ireo sekoly sy vondrom-piarahamonina eto an-toerana.

Nanomboka ny taona 2017 dia niara-niasa toy ny "mpirahalahy mianala", niaraka tamin'ny governemanta Malagasy sy ireo mpanabe Malagasy ny governemanta amerikanina, hanatsarana ny fampianarana sy fianarana teny anglisy. Izany fiaraha-miasa izany dia nitarika ho amin' ny fanavaozana ny fandaharam-pampianarana teny anglisy eny amin'ny lisea sy ny fampiofanana mpampianatra teny anglisy miisa 2.750 ary ny fanamafisana ny fampiasana ireo fombam-pampianarana American English eny amin'ny lisea, sy Oniversite ary fikambanana mpankafy teny anglisy manerana ny firenena.

**Aly**

Alluma Madagasikara

# Zazalahy kely 70 no hatao didimpoitra foibe etsy Ampitatafika

Betsaka ny Ray aman-dreny nisoratra anarana amin'ny fandraisana anjara amin'ny hetsika didimpoitra faobe, izay karakarain'ny fikambanana Alluma faritra Ampitatafika (Association lumière de la lune à Madagascar) ny 24 Jona 23 ho avy izao izay hatao etsy amin'ny « Ecole Privée Ravinala » Ampitatafika Atsimondrano. Nanazava Andriamatoa Maharitra Ali Peter mpandrindra nasionaly ny fikambanana Alluma, fa ankoatran'ny didimpoitra faobe dia hisy ny fizarana arendrina ho an'ny ankizy, fizarana fanomezana ho an'ny fianakaviana sahirana eny an-toerana ; hisy ny fampitaovana an'ireo Renimpianakaviana mpanasa lamba, ho famalifaliana ny ankizy sy ny olom-pirenena amin'izao fankalazana ny tsingerin-taona nahazoan'i Madagasikara ny fahaleovan-tena izao. Nanamafy ny mpandrindra nasionaly ny fikambanana Alluma, fa ho fitsinjovana ny Ray aman-dreny manoloana ny fiakaran'ny saran'ny didimpoitra eny amin'ny Dokotera no tanjon'ny fikambanana Alluma amin'izao hetsika sosialy izao ary afaka mandray




anjara amin'ity didimpoitra ity ireo fianakaviana avy amin'ny Fokontany manodidina rehetra. Nanohy fanazavana Andriamatoa Maharitra Ali Petera, fa ho fanamarihana ny iray volan'ny ankizy dia hisy ny loka fanomezana manokana avy amin'ny fikambanana ho an'ny ankizy mendrika, izay hotanterahina amin'ny alalan'ny antsapaka amin'io fotoana io. Tsiahivina fa zazalahy miisa 21 no vita didimpoitra tetsy amin'ny fokontany Anosibe Angarangarana ny faran'ny herinandro teo, izay niarahana tamin'ny « Cabinet d'accouchement » Mbolatiana vavahady maintso Angarangarana, ho fanamorana ny fahasoavan-jaza ataon'ireo Ray aman-dreny eny amin'iny toerana iny.

**Franck Razakambelo**

Dr. Yves Raveloson

# « Azo atao ny mivelona 100 taona mahery ary salama»

"Azo atao tsara ny mivelona mandritra ny 100 taona mahery nefa mbola anivon'ny fahasalamana", hoy ny Dr. Yves Raveloson. Tsy tsiambaratelo akory izany, hoy izy fa ny "fomba fiaina" amin'ny ankapobeny no mila amboarina sy ahitsy, mba ho ela velona amin'ny fiainana. Anisan'ny tafiditra anatin'izay "fomba fiaina" izay ny fifehezantena toy ny fahaizana mionona, ny fandrindrana ny torimaso, ny fitonian-tsaina manoloana ireo olam-piainana, ny fahaizana mandanjalanja ny habetsahana sy ny kalitaon'ny sakafo ampidirina am-bava, ny fiezahana hiaina am-pifaliana mandrakariva, ny fifadiana zava mahadomelina, sns... Tsikaritra tokoa mantsy fa ny Malagasy ankehitriny dia mora andairan'aretina, vetivety ny fahanterana ary mora maty ihany koa. Anisan'ny



*Ny Dr. Yves Raveloson, tsy mikely soroka mikatsaka ny mahasoa.*

antony goavana mahatonga ireo rehetra ireo ny tsy fahaizantsika intsony mandrindra ny "fomba fiaina" amin'ny ankapobeny, manoloana ny rotorotompiainana tsy azo ihodivirana.

Marihana fa firenena miisa 4 monja eto ambonin'ny tany (Grèce, Costa Rica, Italie ary Etazonia) no misy ny "Zone bleue" na ilay antsoina hoe : "Faritra manga". Ny faritra manga dia toerana iray ahitana Olombelona maro feno 100 taona ary mbola salama tsara. Anisan'ny tanjona lehibe ho trarin'ny fikambanana tsy miankina ONG "Zyx wab" izay tarihan'i Dr. Yves Raveloson, araka izany, ny hahatonga an'i Madagasikara ho "zone bleue" na faritra manga voalohany aty Afrika. Anisan'ny ezaka ataonay amin'izany, hoy ny Dr. Yves Ravelson, ny fanatanterahana velan-kevitra "Seminera" amin'ireo seha-piarahamonina rehetra vonona hanaraka ireo "fomba fiaina" tsotra nefa tsara ahafahana ho ela velona. Azo atao tsara tokoa mantsy ny manatanteraka izany ho an'ny Malagasy noho i Madagasikara mbola manana ireo akora voajanahary azo atao "sakafo bio", ny fanantsika masoandro mandavan-taona, rivotra madio any Ambanivolo, sns... Mila ialana haingana koa anefa ny fivangongoana an-drenivohitra izay miteraka fahalotoana amin'ny endriny rehetra, tsy hahasoa ny fahasalamana ary tsy hahalava velona ny Malagasy. Marihana fa nandritra ny 07 taona no nikarohan'i Dr. Yves Raveloson ity tetikasa mahasoa ny rehetra ity. Manao antso avo amin'ireo rantsa-mangaika rehetra, araka izany, izy mba hifanome tanana ho amin'ny fanapariahana sy fanatanterahana izany. Raha tanteraka izany, hiaina lavitry ny fampiasana fanafody simika Ramalagasy ary hihena hatrany amin'ny 60 isan-jatony ny tetibola ampiasaina ho an'ny fahasalamana eto amintsika.


**Lalasoa Razafindrakoto**

Omby 66 nisy naka an-keriny

# Kaominina 2 ahiana hifanafika

Ny faha- 22 may lasa teo dia nahazo antso tamin'ny Andriamatoa Monja monina ao Sakafia ; fokontany Bedray kaominina ambanivohitr'i Fitapito distrikan'Ikalamavony ny lehiben'ny vondrotobim-paritry ny zandary tao Mandronarivo, fa very ny ombiny 30 mahery. Nandray andraikitra avy hatrany nanetsika ny ekipa nanao bouclage na hamandrotra kizo ary niantso ireo sefo fokotany rehetra hanetsika ny kôlôny, saingy tsy nisy nahita dian'omby ny rehetra . Ny faha-2 jona anefa dia tonga tao Mandronarivo Andriamatoa Monja sy ny vatandehilahy niaraka taminy niaraka tamin'ny zandary 24 lahy, izay notarihin'ny Lieutnant Razoarison Levoavy fa hanaradia, satria hoe fantatr'izy ireo ny naka ny omby dia nangataka fanampiana tamin'ny zandary teo an-toerana izy ireo, mba hanao ratissage sy guide dia nahazo, ka nitady an'i Ralay sy ny namany monina ao Ankeriky fokontany Bevoay 2 ao amin'ny kaominiana Mandronarivo, izay lazain'i Monja fa naka ny ombiny. Tsy hita anefa ny dian'omby ary tsy nahita ireo ombiny koa ireto mpanaradia, ka dia nangorona ny omby izay sendra azy, ka ny ombin'Andriamatoa Solay monina ao amin'ny fokontany Bevoay 1, no nahoron'i Monja sy ny ekipany. Miisa 66 moa ireo omby ireo, lazainy fa misy omby 4 hitany ao anatin'ireo omby 66 ireo ka noentiny tao amin'ny vavaranon'i Doty ary tonga tao ny olompanjakana sy ny ray aman-dreny tao Mandronarivo, izay nahitana ny lehiben'ny boriborintany ; ny ben'ny tanàna ; ny tompon'omby, ka nasaina naka ny bokin'ombiny ny tompon'omby ary nasaina navahan'i Monja ireo omby 4 azy ao anatin'io omby 66 ireo, fa tsy nanaiky ny Lieutenat izay nitarika ireo mpanara-dia, fa aleo any amin'ny kaominina Fitapito, no manao pai-damosina na fanavahana ireo omby, saingy nangataka ny teo Mandronarivo ny hanaovana izany amin'ny kaominina nahitana azy, ka izay manana bokin'omby mazava no mahazo ny omby, saingy tsindry bokotra no nataon'ity manamboninahitra ity, izay nilaza fa izy no begalona eo ka izay tiany no atao. Rehefa naheno izany ny ekipan'i Monja dia nandroaka ny omby ary nilaza hoe manarahy izay mahasahy. Rehefa tonga ny bokin'omby dia hita mazava tsara ao anatin'ny bokin'omby ireo omby 66. Nilaza ilay manamboninahitra Lieutenant, fa izy no miantoka ireo omby ireo ka nasain'ny tompon'andraiki-panjakana nanao taratasy fiantohana izy, saingy tsy nanaiky nanao sonia . Mitaraina sy manao antso avo ny tompon'omby ary ireo ray amandreny ao amin'ny kaominina Mandronarivo manoloana izao fangalana ny ombin'izy ireo an-keriny izao, satria na dia nilaza fa very omby ary Andriamatoa Monja dia tsy misy na dia passport de recherche noentin'ireto mpanara-dia ireto ary raha ny fanadihadiana natao dia fantatra fa ny faha-10 jona vao niantso ny lehiben'ny boriborintany ao Fitapito tamin'ny finday ry Monja, ka nampanao passport de recherche ary tononona fotsiny ny volon'omby saingy nandà izany ny lehiben'ny boriborintany, fa nitaky ny bokin'omby. Tsara ho marihina fa io andron'ny folo jona io, no nangalana ankeriny ny ombin'olona tao Mandronarivo, izany hoe ireo omby noravana ireo izany no saika hanaovana passport de recherche . Miantso ny tompon'andraikitra mahefa ny mponina sy ny tompon'omby, satria dia matahotra izy ireo ny hahavery anjavona ireo omby ireo, ka ho hataon'ireo fanao ny fandravana omby ankeriny toy izao. Ny tompon'andraikitra eo anivon'ny zandarimiaria na ny faritra Atsimo Andrefana, na ny ao amin'ny faritra Amoron'i Mania moa dia efa samy mahafantatra ity raharaha ity, fa hatreto tsy misy fandraisana andraikitra mihintsy, ka ahiana ny mety hisian'ny fifanafiana eo amin'ny kaominina roa tonta voakasika satria efa samy mivonana amin'izay na ny andaniny na ny ankilany.

**Rajepa**



*Ireo omby 66 nisy naka an-keriny.*

# Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE**
**17/06/2023 hatramin'ny 24/06/2023**

- **NY AINA** (Andravoahangy Ambony) 020 22 229 95
- **AICHA** (Près CENAM 67ha) 034 74 687 24
- **RAKOTOARIVONY** (Analakely en face lycée Rabearivelo) 033 31 222 05/034 45 222 05
- **SANTE** (Behoririka 1ère à droite après Station Shell) 020 22 540 32/ 032 05 540 32 / 033 12 434 73 / 034 70 684 04
- **H** (Andrefan'Ambohijanahary) 032 05 111 65/034 14 011 65

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange :032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 600 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com

**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 1446-06-2023
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

### Kaompania « Turkish airlines »

# Niampy iray ny sidina Istambul- Antananarivo

Niampy iray ny sidina ampiasain'ny kaompania "Turkish Airlines" mampifandray an'i Istambul Renivohitr'i Torkia sy i Antananarivo, nanomboka ny Alakamisy teo raha toa ka sidina iray ihany isaky ny sabotsy no nisy teto Madagasikara taorian'ny fisian'ny aretina Covid teto Madagasikara. Tonga nitsena an'ity Airbus A330 izay mahazaka mpandeha miisa 282 ity tetsy amin'ny seranam-piaramanidina Ivato Andriamatoa Ishak Ebrar Cubukcu Masoivohon'i Torkia eto Madagasikara niaraka tamin'Andriamatoa Ahmed Tursun Talem-paritrin'ny Kaompania "Turkish Airlines" atsy amin'ny Nosy Maorisy, notronin'ireo delegasionina avy amin'ny Ministeran'ny fitaterana. Nanamafy ny Masoivohon'i Torkia eto Madagasikara, fa mampitombo ny fitaterana an'ireo mpizahatany avy amin'ny firenena roa tonta ny fampitomboana ny sidina eo anivon'ny Kaompania"Turkish Airlines" ary hanosika ny mpandraharaha Tiorka sy Malagasy hitrandraka ny tsena sy



***Fiaramanidin'ny Turkish Airlines.***

hanitatra indray an'ireo seha-pihariana misy eo amin'ny firenena roa tonta. Nanambara Andriamatoa Ahmed Tursun Talem-paritry ny Kaompania "Turkish Airlines" fa nandray anjara tamin'ny "Salon International de tourisme from Madagascar" izay natao tetsy amin'ny Cci Ivato ny herinandro teo ity Kaompania ity, entina ampahafantarina ny daholobe an'ireo tolotra misy sy hanitarana ny tambazotran'ny "Turkish airlines" eto Madagasikara, ka hiverina amin'ny tanjany teto Madagasikara talohan'ny aretina Covid indray ity Kaompania ity, izay nanana sidina miisa 4 isaky ny herinandro. Nilaza Andriamatoa Razakarivony Johny "Expert locale" eo anivon'ny Masiovoho Tiorka eto Madagasikara, fa hametraka tantara tsara ho an'ny toe-karenan'i Madagasikara ny fiverenan'ny sidina "Turkish airlines", satria hampiroborobo ny tontolon'ny fizahantany , no sady hanampy amin'ny fampahafantaran'ireo mpanjifa ny kolontsaina misy eo amin' ny firenena roa tonta. Marihina fa manana sidina an'habakabaka miisa 340 manerana an'izao tontolo izao ny Kaompania "Turkish Airlines", ka mampiasa fiaramanidina mbola tanora miisa 420 izay manodidina ny 6,7 taona eo ho eo. Tsiahivina fa mandalo ao amin'ny Nosy Maorisy ireo fiaramanidina rehefa miala eto Antananarivo hihazo an'i Istambul (Torkia) ary tsy maintsy miverina amin'io nosy io ihany koa ny fiaramanidina rehefa hitodidoha mankaty Antananarivo.

***Franck Razakambelo***

Antso Fiarahamonina Kristiana (AFK)

# Vonona hiara-hiasa amin'ny fikambanana samihafa


Maro ireo fikambanana mijoro etsy sy eroa ary hatrany amin'ny faritra. Miankina amin'ny safidiny amin'ny sahanasa ataony ny tanjon'izy ireny. Samy manasoa avokoa anefa izy ireo, na ny mpikambana ao aminy, na ireo nokendrena eo anivon'ny fiarahamonina. Miankina amin'ny fahavitrihan'ny mpitarika azy ihany koa anefa ny firoborobony sy ny fandrosoan'ilay fikambanana. Mazava loatra, fa ho an'ny mpitarika, mila manana fivelarana sy fifandraisana amin'ny olona na fikambanana na sehatra samihafa izy, hahafahany mampandroso sy mampatanjaka ny fikambanany. Mila maharaka ihany koa anefa ny zava-misy sy ny zavabaovao mipoitra izy, izay mety afaka mifandray na miara-miasa amin'ny fikambanany.
Anisan'ny vonona hiara-hiasa amin'ny fikambanana samihafa toy izany ny Vovonana Antso Fiarahamonina Kristiana (AFK), ary hanampy be dia be azy ireo amin'ny fampivoarana azy. Manana fomba fiasa matotra nipoitra avy amin'ny fanadihadiana sy fikarohana lalina nataony ity Vovonana ity ary efa voarakitra anaty boky miisa valo izany. Matotra satria efa voaporofo aratsiansa ny mampitombina ny voka-pikarohana nataony, ka hitondra soa hoan'ny fikambanana sy indrindra ny firenena izany. Voatsinjo ihany koa ny olom-pirenena tsirairay ary vahoaka malagasy indrindra indrindra. Miàla amin'ny fomba fiasa tranainy ny AFK ary mitondra fomba fijery vaovao mihitsy hahafahana manarina ny firenena kanefa tsy ilàna na iankinana amin'ny famatsiam-bola avy any ivelany. Anisan'ny fitaovana lehibe eo am-pelatanany ny fampiasana ilay rindrambaiko (logiciel) Tenaïkos, izay mamaly ny filàn'ny rehetra, hatramin'ny fiangonana, ary mamaha ny olam-piarahamonina amin'izao fotoana izao. Fitaovana izay vitan'ny manam-pahaizana malagasy ihany koa izy io. Omeny maimaimpoana izay liana sy vonona hiara-hiasa aminy io rindrambaiko io. Fifandraisana: 034 17 460 53.

***Aris***

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

N° 435




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady

## Valiny Teny Tondro (0434)


***Mitsivalana***
- Tetezana
- Ela – Van(o)
- Zazakely
- Mioty (miv) –

Ma (miv)
- Na – Aza
- Lainga (miv)
- As – Aba

***Mitsangana***
- Tezitra
- Tale (miv)
- Tazana
- Ainga

- KM – NB
- Eva (miv) – Aia
- Nalaza
- Alamina (miv)

## TENY MIFANAPAKA N° 435




**Mitsivalana**

**1.** Maka tsy miera **2.** Milaza fotoana – Sitrika **3.** Vadin-janaka **4.** Marika (miv) – Aro orana **5.** Tanimboly **6.** Tovana – Mangataka (miv) **7.** Firavaka **8.** Maharitra – Fifanarahana (miv) **9.** Haja sy voninahitra – Fotoana lasa **10.** Vaventy, bota (miv) – Aotra

**Mitsangana**

**A.** Mihodinkodina **B.** Tsy ahy, tsy anao – Teny, tafa (miv) **D.** Nandefa olona **E.** Voankazo – Maneho olo-masina **F.** Nitsotsorika **G.** Nianjera – Tsofoka **H.** Akàna vao mitombo – Fanekena – Tovona (miv) **I.** Solfa – Vimbinina **J.** Làlam-pirenena – Aro moka – Menaka **K.** Atsahatra – Meva

## Valiny Teny mifanaraka 0434

**Mitsivalana**

**1**.Fitarafana **2.** Anaranao **3.** Naoty - Bà (miv) **4.** Li(sitra) - Voina **5**. Roaka - Sir(a) **6**. Tarika **7**. Nanontany **8.** Alamo - ST **9.** Tara (miv) - Sa **10.** Koba (miv) - Kitay

**Mitsangana**

**A** Fanorona **B.** Ina - Bala (miv) **D.** Taolagnaro **E.** Kitra (miv) - Kamo (miv) **F.** Ray - Tonta (miv) **G.** AN - Ta (miv) **H.** Fako - Ratsy H. Fako - Ratsy **I.** Ao - Nisy (miv) - (V)at(a) **J.** Sikinina (miv) **K.** Ambara - Tay

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa, Njaka

Nirefodrefotra ny lakrimôzena ny sabotsy teo tao Avaratsena, ny Tsena Sabotsy Antsirabe.










Nisy ny naratra sy safotra vokatr'izany baomba mandatsa-dranomaso nataon'ny herim-pamoretan-dRajoelina izany.





Vaky ihany anefa avy eo ny barazy nataon'ireo herim-pamoretana, ka raikitra ny diabe tao Antsirabe, ka hatrany amin'ny TOP Oil, notarihan'ny filoha Marc Ravalomanana.



